


Maro dia maro ny resaka manodidina ny zavatra notenenin'ny Sénateur Lylison, mikasika iny efa lasa voarakitry ny tantara hoe: *« **raharaha Jeneraly Florens, taminy 29 Marsa 2016** »* iny. Ny soratra moa mitoetra ka nataoko adidy ny mandika an-tsoratra ireo voalazan'ny Sénateur Lylison tao aminy téléviziona Viva ny alin'io 29 Marsa 2016 io. Ka ireo no ho tadidin'ny Tantara sy hitsara izay ho tsaraina any aoriana any. Ny sisa resaben'ny tsy manan-katao fotsiny ihany, ny faly miraviravy tanàna tsy mba mahay mandray andraikitra sy fa mahay mampiady olona, fa tsy mahay miady hevitra. Ao ihany koa ireo sahy hilaza fa nisy nanarama aho. Tsotra ny valiny: ataovy ny loham-bolanareo izay tsy afaka manao n'inona n'inona fa nozaran'ity fitondrana ity sandaina vola daholo, eny na miaramila handraoka fako aza. Ny ahy haren-tsaina ho an'ny taranaka Malagasy tsy an-kanavala no atolotro maimaim-poana. Ireo dia tsy ho voavidy vola na zato mialara tapitrisa dôlara aza. Olom-pirenena Malagasy aho aloha vao mpanao gazety manao ny Tantaran'i Madagasikara. Ny an'ny Hvm sendra mandalo ihany no misy paosy ny lambamena.

**Jeannot Ramambazafy – 31 Marsa 2015**

********************



Ny zavatra nisy aloha, 29 Marsa androany: fahatsiarovana ireo mahery fon'ny Firenena na ny

maty no ny fitiavan-tanindrazana na ireo fanomezam-boninahitra ireo mbola velona, ary nanatanteraka izany adidy masina amin’ny tanindrazana izany. Adidin’ny Malagasy tsirairay, na olon-tsotra izy na manam-pahefana izy, ny manome voninahitra an’izany daty izany.

Ny noraisiko adidy, amina maha Sénateur ny tenako, ny mba hamoha indray ny fitiavan-tanindrazana ho an’ny Malagasy satria izay ny zavatra hita fa tsy ampy amin’izao fotoana izao. Na dia tsy tokony angatahina autorisation ny fametrahana fehezam-boninkazo ho an’ny mahery fo izany, mba ialàna amin’ny sotasota atao amin’izao fotoana izao, dia nametraka fangatahina ny tenako tany amin’ny préfecture de police. Nahazo fahazoan-dalàna ara-dalàna. Toerana roa no nangatahiko: eny Ambohijatovo sy eny amin’ny fasan’ny mahery fo eny amin’ny Mausolée.

Rehefa tonga teny Ambohijatovo ny tenanay sy ireo olona izay mba nantsoiko hiaraka anotrona am-pilaminana hametraka izany fehezam-boninkazo izany, dia nilaza ireo mpiasa eny amin’ny Primature fa hametraka voninkazo eny aloha ny mpitondra fanjakana tarihin’ny Premier ministre. Aminy maha mpanara-dalàna ny tenako, na samy tamin’ny 10 heures ny fotoana azonay mirahalahy, dia najaiko izy aminy maha Premier ministre ary teny Ambohijatovo tsy nisy olona niorakoraka ny Premier ministre. Najain’ny olona tanteraka ny Premier ministre.




Raha vao vita ny an’ny Premier ministre dia nametraka ny tenanay niaraka tamin’ireo vahoaka izay efa niangaviana mba hisolo-tena azy ireo anotron anay. Vita io, andeha hanatanteraka ny fahazoan-dalàna faharoa, dia any amin’ny fasan’ny mahery fo na Mausolée. Ny fandehanana any amin’ny Mausolée, Tompoko, dia izay manana fiara mandeha fiara, izay tsy manana fiara dia mandeha an-tongotra. Matoa aho nangataka alàlana, nametraka taratasy mba ilazako fa raha misy mihoam-pefy dia izaho ny responsable. Ary efa napetrako tsara tamin’ny Général Florens rehefa nisakatsakana anay teo Ambohijatovo fa izaho ny responsable raha misy mihoam-pefy.

Amin'ny resaka circulation routière, raha ny fifamezivezana an-tanàn-dehibe, ny fanelingelenana ny fifamoivoizana na ny barrage atao amin'ny fifamoivoizana, izay ihany no infractionna heloka mamoa-fady amin'ny resaka circulation. Fa ny resaka mandeha am-pilaminana, tsy mi-gêner circulation, tsy misakana ny fifamoivoizana, tsy mampiasa eriseretra, dia tsy heloka izay. Nandeha am-pilaminana ireo vahoaka avy eo Ambohijatovo hiazo ny Mausolée.

Nosakanana aloha vao niala teo Ambohijatovo, dia niteny aho hoe: ara-dalàna izao fandehananai izao ka avelao andeha. Teny an-dalàna teny, nandalo ny Premier ministre ho an'ny amin'ny Mausolée, nomen'ny vahoaka làlana izy, tsy nisy nisakan-tsakana, tsy nisy nihorakoraka, tsy nisy nitora-bato fa nanàja ny mpandeha tongotra ny Premier ministre, najain'ny vahoaka koa ny Premier ministre tsy nisy nanelingelina azy.




Fa poa toa izay, tandrifin'ny FIP (Forces d'intervention de la police) teny Antanimora, ny Général Florens mihitsy ny nanome baiko hoe: apoaho amin'zay. Izaho, en tant que Sénateur, Deuxième institution, handeha hametraka voninkazo, vahoaka malagasy izay mba te-hanome voninahitra ny olombeny tany aloha tany no tifirina lacrymogènes, tifirina grenades assourdissantes, ataoko fa tsy mety izany, mon Général. Ary indrindra indrindra, ny fiarako izay nitari-dàlana –izaho moa nandeha an-tongotra, dia notifirina à bout portant tamina grenade assourdissante ary potika ny pare-brise.

Izany hoe: nanàja lalàna izahay, nandeha an-tongotra am-pilaminana, tsy nisy tora-bato nalefa teny amin'ny mpitandro filaminana teny am-pandehanana, tsy ni-gêner circulation, hiakatra ho eny aminy Mausolée no notifirin'ny Général Florens grenades lacrymogènes sy grenades assourdissantes. Teneniko eto ny responsabilité-n'ny Géneral Florens. Marina fa aminy miaramila l'ordre doit être exécuté sans hésitations ni murmures fa l'autorité qui donne l'ordre en est responsable. Ianao, mon Général no responsable. Nandeha am-pilaminana aho, deuxième institution, nanaovanao fihetsika sahala amin'ireny.


















MALAGASY MIARA-MIAINGA

« Izay manoro lala-mahitsy mamindra aina »

FANAMBARANA

Ny Antoko Malagasy Miara-Miainga (A.MMM) dia miondrika am-panajana , mahatsiaro, ny Tolom-panafahana nataon'ireo Malagasy maro, nandritra ny Fanjanahan-tany ary indrindra ny 29 Marsa 1947, izay marihina fa ilaina dia ilaina tokoa amin'izao fotoana mamparisarisa ny Fihavanam-pirenena izao, sy ny mampanjavozavo ny hoavin'ny taranaka fara mandimby;

Mampatsiahy fa izany tolom-panafahana izany dia : ANDANINY ,ireo vahiny nanjanakana an'i Madagasikara sy ny Mpitondra tamin'izany ary tetsy ANKILANY ireo Malagasy, tsy vakivolo, tsy an-kanavaka,niharan'ny fampijaliana sy ny fampahoriana. Nampiasain'izy ireo tamin'izany ny TAFIKA ho herim-pamoretana ny vahoaka nitaky Fahafahana ary notifirina, natao vonomoka ireo nanao fihetsehana rehetra ;

Milaza, miara-mahita, ny zava-nitranga teto Antananarivo Renivohitra fa SAMBANY teo amin'ny Tantara no NITIFITRA baomba mandatsa-dranomaso an'ireo Olom-pirenena tsotra sy ireo olom-boafidy nandeha hametraka voninkazo eny amin'ny Fasan'ireo Mahery fo, ny Mpitandro ny filaminana.

Mahatsapa fa :

- Fihetsika mitovy tamin'ireo izay nataon'ireo Mpanjanatany, nampiasa Tafika sy Mpitandro ny filaminana, mba HIAROVANA ny fitondrany no andraisana an'ireny fihetsika ireny;
- Tsy mbola nisy mihitsy FITONDRANA MALAGASY, nandaroka VAHOAKA MALAGASY amin'ny vanim-potoana natokana ho fahatsiarovana ny Tolona nataon'ireo Malagasy tamin'ireo VAHINY MPANJANANTANY.

Melohan'ny Antoko Malagasy Miara-Miainga tanteraka ,ny fanakanana ny Olom-pirenena Malagasy, mizaka ny zo feno, tsy hanamarika ny 29 Marsa. Ny fanaovana izany dia midika ho FISARAHANA TANTERAKA amin'ny vahoaka Malagasy, sy ny TSY FAHATOKISANA azy ,ary fanosihosena ny fahalalaha sy ny demokrasia.

MIANTSO ireo olompirenena rehetra, ny Antoko Malagasy Miara-Miainga hitaky ny fahefana hisafidy izay ho mpitondra azy mialohan'ny fotoana ,satria mazava indray izao fa nisaraka tamin'ny vahoaka ireo Mpitondra fa manao izay hifikirana eo aminy fitondrana fotsiny no sady manosihosy ny hasin'ny firenena.

Antananarivo, faha 30 Marsa 2016

Ny Birao Politika

Lot II H 41 M AnkeranaAnkadindramamy 101 ANTANANARIVO
Tél 034 96 833 94
malagasymiaramiainga2014@gmail.com -- http://www.malagasy-miara-miainga.com